



## FIADIDIANA NY REPOBLIKA

### FAMPITAM-BAOVAO

#### **Fihaonan'ny Filoham-Pirenena tamin'ireo malagasy monina ao Eoropa**

Malagasy teo amin'ny 1200 no tonga namaly ny antso tamin'ireo monina sy mipetraka ao Eoropa (Frantsa, Belzika, Norvezy, Angletera, Monaco, Suisse, La Réunion) nihaona tamin'ny filoha Andry Rajoelina tao amin'ny Maison de l'UNESCO ny tolakandron'ny sabotsy 1 jona 2019. Niresaka ny zava-bita nandritra izay efa-bolana mahery nitondrany ny firenena izay ny Filoha Andry Rajoelina ary nanambara ihany koa ny vokatry azo nandritra izao fitsidihana ofisialy tao Frantsa izao. Nohazavain'ny Filoham-pirenena tamin'izy ireo ihany koa ireo fanamby tsy maintsy tratrarina sy ny laharampahamehana mba hanavotana an'i Madagasikara. Voaresaka tamin'izany ny famokarana angovo, indrindra ny fampiasana ny angovo azo havaozina, ny fiarahamiasa amin'ny mpiara-miombon'antoka iraisam-pirenena, ny fanjarian-tsakafo, ny fandriampahalemana, ny fananganana fotodrafitrasa fototra, ny fanabeazana ary ny fampivoarana ny tanora sy ny fandraharahana malagasy amin'ny alalan'ny fandaharanasa Fihariana. Isika rehetra no hiara-hiasa hanavotra an'i Madagasikara, ataontsika ny fomba rehetra hahatanteraka izany ary manana anjara toerana amin'izany ihany koa ianareo malagasy monina aty ivelany hoy ny filoha Andry Rajoelina. Ireto malagasy monina any ivelany ireto moa dia naneho ny fanirian'izy ireo mba handray anjara feno amin'ny fiainam-pirenena ary nangataka ny hahafan'izy ireo misitraka ny zo andray anjara amin'ny fifidianana indrindra ny fifidianana filoham-pirenena.

Sampan-draharahan'ny Serasera sy ny Fifandraisana

01-06-2019